ARTICLE 24

En vue de la réalisation des divers projets de développement, le Gouvernement est autorisé à emprunter auprès des divers sources de financement intérieur et extérieur à concurrence de **3.500.000.000.000 FMG**.

ARTICLE 25

Est approuvé le Programme d'Investissement Public 2004-2007 (Tranche 2004) annexé à la présente Loi.

ARTICLE 26

La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 11 décembre 2003

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

LAHINIRIKO Jean

RAJEMISON Rakotomaharo

LALANA LAHARANA FAHA- 2003 -037
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2004

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana



LALANA LAHARANA FAHA - 2003 - 037
MOMBA NY LALANA MIFEHY
NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
AMIN'NY TAONA 2004

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha 26 novambra 2003 sy ny faha 11 desambra 2003 izao Lalàna manaraka izao :

I FEPETRA MIKASIKA NY KETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2004, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

ANDININY VOALOHANY

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra :

BOKY I

HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I

HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY

LOHATENY I

HETRA ALAINA AMIN'NY FIKAMBANANA

ZANADOHATENY I

HETRA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRY NY FIKAMBANANA

TOKO III

TOMBOMBAROTRA VOAN'NY HETRA

Ao amin'ity TOKO III ity, foanana ny andian-teny :

« SOKAJY I »

FAMARITANA NY TOMBOMBAROTRA VOAN'NY HETRA

Andininy 01.01.06.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny paragrafy 2 a), b) sy c) amin'io andininy io :

« a) Ny fanavotam-bidin'ny entana fampitaovana, ankoatry ny trano fonenana, ny toeram-piasana sy ny trano natao ho fanatanterahana ny anton-draharaha ary ny fotoan'andro fanavotam-bidin'ireo entana ireo dia mihoatra ny 5 taona, dia azo kajiana manaraka ny rafitry fanavotam-bidy mihena an-dalana maharitra.

b) Ampiharina ny taha tsy miova isan-taona, 30 isan-jaton'ny sanda tavela amin'ireo entana ireo.

c) Ho an'ny fikajiana ny vanim-potoana anaovana ny fanavotam-bidy, ny taom-piasana nihariana dia isaina ho taona iray feno na dia teny antenantenan'ny taom-piasana aza ny fihariana. »

Foronina ny andininy 01.01.06 bis ampandriana antsoratra toy izao manaraka izao :

« Andininy 01.01.06 bis.-

Ampiharina ny fepetra manokana isafidianana, ho an'ny asa fanakambanana sosaiety. Ny safidy dia tsy maintsy voamarika ao amin'ny fifanekem-pikambanana, fifanekena izay sandaina amin'ny fanomezan-dalana omen'ny Minisitry misahana ny Didy amam-pitsipiky ny hetra amin'ny alalan'ny Fanapahana.

Io fepetra io dia manafaka, ho an'ny sosaiety voatroka, amin'ny hetra amin'ny tombo-barotry ny fikambanana amin'ny ambony ampanga afakaratsaka, misongadina amin'ny fitambaran'ny singatsingan'ny vola enti-miasa, tsy nohetsehina noho ny fitambaran'ny sosaiety, ary koa ny vola hoenti-miomana izay misoratra eo amin'ny todikefa ary lasa tsy misy ampiasaina azy.

Ho setrin'izany, ny sosaiety nitroka dia manome antoka ao anaty Taratasy fampitambarana mba hampiditra ao amin'ny valiny, ny ambony ampanga sy ny vola ho enti-mioman'ny sosaiety voatroka ary ny fameran-ketra dia ahemotra ho amin'ny taom-piasana nahavitan'ny asa ; ary koa hampiditra ao amin'ny tombom-barony voan'ny hetra, ny ambony ampanga niseho tamin'ny tondran'entana azo anaovana fanavotam-bidy. Ity fampidirana ity dia azo velarina mandritry ny vanim-potoana tsy mihoatra ny 5 taona, ary ny tamba-bola nampidirina dia tsy latsaky ny ampahadimin'ny ambony ampanga.

- Na izany aza, raha misy fivarotana ao anatin'ny dimy taona manaraka ny vaninandro nanatanterahana ny asa fanatambarana, ny ambony ampanga andoavan-ketra dia kajiana arakaraky ny tombom-bidin'ireo entana ireo tao anaty ny bokin'ny sosaiety voatroka.

-Ny fivarotana ny sora-pizakana noraisina ho setrin'ny fanakambanana ao anatin'ny efa-taona manaraka ny fahavitan'ny asa, dia mitarika fanafoanana ireo tombotsoa nomen'ity fepetra manokana ity.

Ny fepetra voalaza etsy ambony dia mihatra ihany koa amin'ny fizarana sy ny tolo-pananana enti-mihetsika ampahany nataon'ny Fikambanana na sampan-draharaha tratry ny hetra amin'ny tomom-barotry ny fikambanana ».

Foanana ny « SOKAJY II » sy ny lohateny : « FAMPIHENAN-KETRA AMIN'NY FAMPIASAM-BOLA ».

Andininy 01.01.07.-

Foanana ny voalazan'io andininy io.

Andininy 01.01.08.-

Foanana ny voalazan'io andininy io.

TOKO VI

FIKAJIANA NY HETRA

Andininy 01.01.16.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana farany amin'io andininy io :

« Na dia eo aza ireo fepetra mikasika ny sorabola farafahakeliny voalaza etsy ambony, dia afahana amin'ny hetra amin'ny tombomborotry ny fikambanana sy ny hetra fandoa farafahakeliny :

Ireo sosaiety vaovao manao ny asa ara-indostrialy, ara-taozavatra, ara-pambolena, ny harena ankibon'ny tany , ny ara-pitaterana , ara-pizahan-tany, fampiantranom-bahiny, ho an'ny vokatra nitera-patiantoka tamin'ny taom-piasana roa voalohany, miantomboka tamin'ny vanin'andro nanorenana azy raikitra. »

TOKO VII

ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Andininy 01.01.20.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny alohan'ny andalana farany amin'io andininy io :

« Na manao ahoana na manao ahoana, ny hetra aloan'ireo sosaiety izay tsy manana ny foiben-toerany eto Madagasikara dia asiana tataon-ketra 50 isan-jato, ary tsy azo atao latsaky ny 2 000 000 la. Io tataon-ketra dia tsy ampiarina raha tsy manomboka amin'ny fahatelon-taonan'ny fananganana ny sampana eto Madagasikara. »

LOHATENY II

HETRA AMIN'NY VOLA TSY MANANA ENDRIKA KARAMA

MIDITRA AMIN'NY ISAM-BATAN'OLONA

TOKO II

SEHATRA AMPIHARANA

SOKAJY II

VOLA MIDITRA AFAHANA AMIN'NY HETRA

Andininy 01.02.03.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny 2° amin'io andininy io:

2- « Ireo zana-bola amin'ny vola miditra natao petra-bola ; »

Foanana ny 5° amin'io andininy io .

TOKO VII

FAMARITANA NY HETRA

Andininy 01.02.36.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Amin'ny fikajiana ny hetra , ireo vola miditra voafaritra mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'n'ireo andininy 01.02.09 ka hatramin'ny 01.02.13 dia boriboriana ho amin'ny isan'arivony

iraimbilanja ambany.

Ny hetra dia kajiana arakarak'ireo taha mifandraika amin'ireo sokajina-fidiram-bola eo amin'ireo fepetra voalaza eo ambany . Ny fitambaran'izany no manomae ny hetra arotsaka.

- Hatramin'ny 1.000.000 la10.000 la
- Ampaham-bola miditra voan'ny hetra :
- 1.001.000 ka hatramin'ny 2.500.000 la 5 isan-jato
- 2.501.000 ka hatramin'ny 20.000.000 la..... 15 isan-jato
- mihoatra ny 20.000.000 la 30 isan-jato

Na manao ahoana na manao ahoana , ferana mba tsy ho latsaky ny 5 isan'arivon'ny vola maty nandritry ny taom-piasàna ny hetra haloa rehefa avy nampiharina ny fampihenanketra voalazan'ny toko IX etsy ambany , ary tsy latsaky ny 25 000 la ho an'ny mpandoa hetra tsy iharan'ny haba amin'ny asa aman-draharaha.

Ho amin'ny famelàna maningana fepetra , io hetra fandoa farafahakeliny dia atao amin'ny sanda 1 isan'arivon'ny vola maty mandritry ny taona ho an'ireo mpvarotra solika antsinjarany mpandoa hetra. »

Foanana ny « TOKO VIII »
Foanana ny loha-tenin'ny « TOKO VIII ».
Foanana ny : « SOKAJY I ».

Foanana ny lohatenin'ny « SOKAJY I »

Andininy 01.02.39.-

Foanana ireo fepetra voalazan'ity andininy ity.
Foanana ny « SOKAJY II ».

Foanana ny lohatenin'ny « SOKAJY II ».

Andininy 01.02.40.-

Foanana ireo fepetran'io andininy io.

Andininy 01.02.41.-

Foanana ireo fepetran'io andininy io

Andininy 01.02.42.-

Foanana ireo fepetran'io andininy io

TOKO IX

FAMPIHENAN-KETRA NONO HY FIAHIANA OLONA

Andininy 01.02.43.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1° amin'io andininy io :
« Ireo mpandoa hetra iharan'ny hetra amin'ny vola tsy manana endrika karama dia manana zo amin'ny fampihenanketra 12 000 la ariary isan-taona, isaky ny olona ahiany. »

LOHATENY III

HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY

TOKO VI

FAMARITANA NY HETRA

Andininy 01.03.16.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny A amin'io andininy io :

« **A).Sata iombonana :**

- Hatramin'ny 250 000 la :	1 500 la
Ampaham-bola miditra voan'ny hetra :	
- 251 000 ka hatramin'ny 500 000 la :	5 isan-jato
- 501 000 ka hatramin'ny 1 500 000 la	15 isan-jato
- Mihoatra ny 1 500 000 la	30 isan-jato

Na manao ahoana na manao ahoana anefa trangan-javatra dia tsy tokony hiteraka fandoavan-ketra latsaky ny hetra farany ambany voafaritra manaraka etsy ambany ny fampiharana ny fampihenana-ketra noho ny fiahiana olona voafaritra ao amin'ny andininy 01.03.19 :

- 1 500 la ho an'ny mpandoa hetra manana vola miditra voan'ny hetra mitentina 500 000 la na latsak'izany
- 12 500 la ho an'ny mpandoa manana vola miditra voan'ny hetra mihoatra ny 500 000 .la »

TOKO VII

Foanana ny lohatenin'io toko io.

Andininy 01.03.17.-

Foanana ireo fepetra voalazan'io andininy io

Andininy 01.03.18.-

Foanana ireo fepetra voalazan'io andininy io.

TOKO VIII

FAMPIHENAN-KETRA NOHO NY FIAHIANA OLONA

Andininy 01.03.19.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana 1° amin'io andininy io :

« Ireo mpandoa hetra iharan'ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy. dia manana zo amin'ny fampihenana-ketra 1000 la isam-bolana isaky ny olona ahiany. »

LOHATENY IV

HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA

AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA

TOKO II

SOSAIETY MANANA NY FOIBENY ETO MADAGASIKARA

B. SANDA

Andininy 01.04.07.-

Ovana ny vondron-teny "25 pour 100 ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity ho "20 pour 100".

TOKO V

FANAFAHANA SY FITSIMBINANA MANOKANA

Foanana tsotra fotsiny « **Fanondrotana ny renivola amin'ny alalan'ny fampidirana ny tahiry na ny toambo-barotra . Haba amin'ny fanakambanana ny tahiry na ny toambo-barotra amin'ny renivola** ».

Foronina ny hoe « **Famoahana taratasim-bola notrosaina amin'ny taha tsy miova : "Fanambina"** »

Andininy 01.04.33.-

Ovana toy izeao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny zana-bola amin'ny trosa tamin'ny famitan-draharaha amin'ny sanda omen'ny banky foibe dia afahana amin'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola. »

Andininy 01.04.34.-

Foanana ireo fepetra voalazan'io andininy io

Andininy 01.04.35.-

Foanana ireo fepetra voalazan'io andininy io

LOHATENY V

HABA AMPARITRA AMIN'NY FANONDRANAM-BOLA (TFT)

TOKO II

SEHATRA AMPIHARANA AZY

SOKAJY II

VOLA AFAHANA AMIN'NY HABA

Ovana toy izao manaraka izao ny lohatenin'io sokajy io :

**« VOLA AFAHANA AMIN'NY HABA SY IVELAN'NY SEHATRA
AMPIHARANA NY HABA »**

Andininy 01.05.03.-

Eo amin'ny faran'io andininy io, foronina ny paragrafy 9 midika toy izao :

« 9°: ny fanondranam-bola atao amin'ny fanefàna ny adidy momba ny fifandraisana avy any ivelany amin'ny alalan'ny satellite. »

TOKO IV

NY TAHAN'NY HETRA

Andininy faha 01.05.05.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ny tahan'ny haba amparitra amin'ny fanondranam-bola dia ferana ho 10% ».

FIZARANA FAHAROA

SORA-PANORATANA FANEKENA SY FAMINDRAN-TANANA

TOKO II

SANDA SY FIKAJIANA NY SARA

SOKAJY IV

FAMINDRAN-TANANA MISY SETRINY SORATRA SY FAMINDRAN-TANANA ANDOAVAN-KETRA

Harin-karena sy ny mpividy Famindra-tànana misy setriny soratra

Andininy 02.02.22.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :
« ny famindràm-panànana misy setriny soratra, mikasika ny harin-karena na ho an'ny mpanjifa dia tratran'ny hetra amin 'ny sarany 6 la amin'ny 100 la . »

Fivarotana sy soratra hafa famindràna fananana misy setriny ho an'ny fanaka sy zavatra tsy mifàka

Andininy 02.02.46.-

Any amparan'io andininy io, dia foronina ny paragrafy 4 ampandriana antsoratra toy izao:
« Noho ny fandikàna ireo fepetra voalaza etsy ambony , ny fivarotana ny anjara zana-bola , ao amin'ny sosaiety manana andraikitra voafetra dia sandaina amin'ny sarany 2 la amin' ny 100 la. »

Andininy 02.02.48.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :
« Ireo fitaterana, fivarotana, ary ireo famindra-tanana misy setriny soratra hafa momba ny antoka dia tataovan-ketra amin'ny 0,5 la amin'ny 100 la. »

TOKO XI

FANAFAHANA SY SATA MANOKANA

SOKAJY IX

FEPETRA SAMIHAFANA

Famelan-tsazy

Andininy 02.11. 69.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny an-dalana voalohany amin'io andininy io :
« Ireo sazy fitàky amin'ireo taratasy fifanekena, fanambaràna, famindra-pananana, famindràna fizakam-bokatra na fananan-jo amin'ireo fananana tsy mifaka sy fananana mifàka, tsy voasoratra tamin'ny fotoana samihafa talohan'ny 1 janoary 2004, dia ahena ara-dalàna amin'ny fitambarambeany, raha toa ka ireo taratasy voalaza rehetra ireo dia ara-dalàna eo anatrehan'ny sampandraharahan'ny fanoratana, sady nandoa ireo hetra tsotra rehetra, talohan'ny 1 janoary 2005. »

Foanana ny andalana faha 3 amin'io andininy io.

FIZARANA FAHATELO

HETRA TSY MIVANTANA

LOHATENY VOALOHANY

HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

TOKO I

SEHATRA AMPIHARANA AZY

SOKAJY I

FOTO-KEVITRA

Andininy 03.01.01.-

Fenoina toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny andalana voalohany amin'io andininy io :
« Ireo vokatra voaoty, azo avy amin'ny vokatra hafa, voamboatra, voakarakara, na nampidirina aty Madagasikara izay hita ao amin'ny tabilao atovana na ao amin'ny tabilao filazam-bidy, dia iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana ho an'ny teti-bola ankapobeny izay feran'ireo tabilao ireo ihany ireo taha ».

SOKAJY II

VOKATRA TSY VOAN'NY HETRA

Andininy 03.01.02.-

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« Afahana amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana :

1- Ireo vokatra sy akora miditra amin'ny fanamboarana fanafody ;

2- Hatao ny fanatontosana araka ny fomba arahina izay voalaza amin'ny fepetran'ny andininy 05.03.01 :

- Ireo vokatra ampiasaina mba ho akora amin'ny fanamboarana vokatra hafa izay iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana.

- Ireo vokatra izay tsy nandoavana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, nalaina sy notanterina eto amin'ny tany sy ny fanjakana voatokana ho any am-pita ary tanterina araka ny fatoran'ny filazana omban'antoka.

- Ny alikaola tsy mifangaro natokana ho amin'ny fikarakarana ireo fanafody na ampiasaina amin'ireo tobim-pahasalamana na siantifika ary koa ny alikaola Etilika mifangaro araka ireo fepetra amin'ny didy amam-pitsipika. »

FIZARANA VI

HABA AMIN'NY VOLA MATY

LOHATENY I

HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY

TOKO II

SEHATRA AMPIHARANA AZY

SOKAJY III

VOKATRA SY RAHARaha AFAHANA AMIN'NY HABA NA IVELAN'NY SEHATRA AMPIHARANA NY HETRA.

Andininy 06.01.06.-

- a) Ovàna toy izao manaraka izao ny paragrafy faha-18° amin'io andininy io :
« 18° Ny fivarotana ny vary akotry sy ny fotsimbary ; »
- b) Foanana ny fepetry ny paragrafy faha-21° amin'io andininy io ary soloina toy izao ny rijanteny:
« 21 Ny fanafarana sy ny fivarotana lay misy ody moka sy mosquitos »
- c) Foronina ny paragrafy faha-22 mirija toy izao :
« 22 Ny fanafarana sy fivarotana ribà, etikety, kotra. »
- d) Foronina ny paragrafy faha-23 mirija toy izao :
« 23 Ny fanafarana sy ny fivarotana takelaka tara-masoandro, motera fampangatsiahana, milina sy fitaovana famokarana taratasy. »

Andininy 06.01.07.-

- Foronina ireo fepetra amin'io andininy io mirija toy izao :
« Tsy iharan'ny haba :
Ny fanafarana sy ny fivarotana ny vokatra voafaritry ao amin'ny Lohateny 1 Ter -n'ny Lisitry ny Vokatra afahana amin'ny haba amin'ny tataom-bidy sy ny haba amin'ny fifanakalozana. »

TOKO VIII

FOMBA FAMERANA NY HABA

Andininy 06.01.14.-

Foanana ny andalana alohan'ny farany amin'io andininy io.

TOKO IX

FEPETRA AMIN'NY FANESORANA HETRA

B) IREO VOKATRA SOLIKA

Andininy 06.01.17.-

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andàlana faharoa an'io zana-dohateny B io :
« Ireo orinasa ara-taozava-baventy izay manao famatsiana amina sosaiety manodina sy mizara « Gas-oil » sy « Fuel oil » izay voasahan'ny lazam-bidy 27.10.39.31 sy 27.10.19.32 avy, ampiasaina amin'ireo motera tsy mihetsika amin'ny raharaha famokarany, dia mahazo alàlana hanesotra ny haba amin'ny tataom-bidy izay misoratra ao amin'ny faktioram-bidy omen'ilay orinasa voalaza. »

TOKO X

FAMERENANA NY SORA-BOLA ANDOAVANA HABA

Andininy 06.01.24.-

Ovàna toy izao ny rijantenin'ny andàlana voalohany amin'io andininy io :
« Ireo orinasa manaiky ny fepetra amin'ny faritra afa-kaba sy ireo matihanina amin'ny fanondranan'entana dia afaka mangataka ny famerenana ireo sora-bola andoavana haba izay hita amin'ny fanambarana isam-banim-potoana ny haba amin'ny tataom-bidy. »

Andininy 06.01.24 bis.-

Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :

« Ireo orinasa mandoa haba izay manatanteraka fampiasam-bola goavana miteraka sora-bola andoavana haba mihoatra ny 20 tapitrisa ariary (100.000.000 fmg) dia mahazo alalàna hamindra ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny fanesorana izay tsy vita tamin'ny alalan'ireo fepetra ny andininy 06.01.17 etsy ambony.

Io famindrana io dia voafaritra amin'ny fitambaran'ny hetra izay mahakasika ny fividianana ireo fampiasam-bola ireo.

Mba ahazoana alàlana amin'io famindrana io, dia halefan'ny orinasa any amin'ny Foibe miadidy ny lalàna ara-ketra, amin'ny volana manaraka ny vanim-potoana voakasika ny antotan-taratasy izay misy :

1- Dika mitovy iray amina « bordereau de situation » izay voalaza amin'ny andininy 06.01.16 ny fehezan-dalàna ankapobe mifehy ny hetra, mampiseho sora-bola andoavana hetra mikasika ny fampiasam-bola.

2. Naoty iray misy ireo anarana, anaran'ny fikambanana sy adiresin'ny orinasa na ireo orinasa mahazo ny famindrana miaraka amin'ny filazana ny fitambaran'ny hetra izay hatelin'ny tsirairay amin'ireo.

3- Filazana iray ny amin'ny haba amin'ny tataom-bidy voalao, izay mampiseho ho an'ny faktiora tsirairay : ny nomerao, ny daty, ny anaran'ny mpamatsy entana, ny anton'ny raharaha, ny fitambarany tsy misy haba ary koa ny haba tena voalao ».

TOKO XI

NY ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA

Andininy 06.01.26.-

Ovana toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ho fampiharana ny fepetra eo ambony, ny mpandoa haba amin'ny tataom-bidy dia tsy maintsy manovana amin'ny filazana ataony ny lisitry ny mpamatsy entana mifanitsy amin'ny vanim-potoana nanaovana filazana ary mifanaraka amin'ny modely omen'ny Fanjakana.

Ankoatr'izany :

- ny mpanafatra sy mpanondrana entana ;
- ny mpanao taozava-baventy sy mpivarotra ambongadiny ;
- ny mpanao asa fanorenana, fananganana sy asa vaventy ;
- ny mpaninjara tany, ny mpivarotra fananana ary ny toa azy ;
- ny mpitatitra entana raha tahiny izy ka mpandoa haba amin'ny tataom-bidy dia tsy maintsy manovana, araka ny fepetra mitovy amin'izay voalaza etsy ambony, ny lisitry ny olona nanaovany asa na nivarotany entana. »

TOKO XIII

I SAZY

Andininy 06.01.29.-

Avaozina toy izao manaraka izao ny paragrafy faha-2 amin'io andininy io :

« 2 - Ny tsy fanaovana filazana ny vola maty, ny fanadinoana rehetra, ny tsy fahampiana, ny tsy fahamarinana na ny fampihenana ao amin'ny filazana ny vola miditra na ny raharaha andoavan-ketra, ny fanalana rehetra mihoatra ny tokony ho izy, na ny fananana sain-dratsy rehetra mba hahazoana amin'ny tsy tokony ho izy ny famerenana sy famindran-tompo trosa-kaba, dia iharan'ny lamandy 50 isanjaton'ny haba nanaovana hosoka, nafenina na nahodinkodina ary ny fanesorana, ny famerenana na ny famindran-tompo azy ireo izay natao na azo amin'ny tsy ara-dalàna. Ho an'ireo raharaha voan'ny haba amin'ny taha 0, dia ampiharina ny lamandy 50 isanjaton'ny haba amin'ny taha 20 isanjato kajiana arakeviny amin'ny fototry ny fanitsiana ataon'ny sampandraharaha. »

BOKY III

FEPETRA IRAISAN'NY HETRA SY HABA ARY SARA AO AMIN'NY BOKY VOALOHANY SY FAHAROA AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY

LOHATENY I

FAMORIAN-KETRA

TOKO II

FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPAN-DRAHARAHA MIANDRAIKITRA NY HETRA

SOKAJY II

FANEFANA NY HETRA (IBS - IRNS)

B - Ampahan-ketra takiana eny amin'ny faditseranana.

Andininy 20.01.42.-

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ho fampihantoana ny fepetra voalaza etsy ambony, ny fanafarana ny akoram-pamokarana, fitaovana, ary ireo vokatra fanjiva dia tsy maintsy handoavana ampahan-ketra amin'ny hetra tombom-barotry ny sosaiety na hetra amin'ny vola tsy manana endrika karama miditra mira 5% ny vidiny ao amin'ny ladoany ho an'izay rehetra mpanafatra tsy manana laharam-pamantarana araka ny fepetra voalazan'ny andininy 20.05.01 sy ny manaraka ao amin'ny fehezan-dalàna.

Ho an'ny olona tsy manana laharam-pamantarana, ny ampahan-ketra dia alaina tsy misy famerana amin'ny tontalin'ny vidin'ny entana nafarana nandritra ny taona. »

LOHATENY VI

FAHEFANA HIJERY - FAHEFANA HISAVA SY HANAMARINA TSIAMBARATELON'NY ASA

SOKAJY I

FAHEFANA HIJERY

Andininy 20.06.01.-

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ny mpiasan'ny Hetra dia manana fahefana feno hitaky amin'ny olontsotra na fikambanana, miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana, ny taratasy sy antontan-taratasy rehetra sy ny fanorotroana, na inona na inona nahazoana ireo, izay ilaina amin'ny famerana ny hetra voalazan'ity fahazan-dalàna ity.

Ny fanorotroana notakiana dia tsy maintsy omena ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manomboka amin'ny daty nandraisana ny fangatahana an-tsoratra. »

Andininy 20.06.04.-

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io:

« Tsy maintsy hajanona 15 andro ao aorian'ny nivoahany ao amin'ny firaketan-tsoratry ny fitsarana ny didim-pitsarana rehetra navoakan'ny fitsarana tsotra, ny fitsarana ady amin'ny fanjakana na amin'ny kaonsily, ny fitsarana momba ny asa ary ny fitsara-miaramila, aorian'io fepotoana io dia omena ny sampandraharahan'ny hetra ny didy. »

Andininy 20.06.07.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanten'io andininy io:

« Ny olona izay nampahafantarina tamin'ny alalan'ny taratasy tsiverimandeha ka mbola tsy manatanteraka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-20.06.01 hatramin'ny 20.06.06 ity fehezandalàna ity dia ho saziana lamandin-ketra 200.000 la ka hatramin'ny 1.000.000 la, helohina hankato ny fepetra voalaza etsy aloha, raha tsy izany dia tratry ny sazin-ketra 20.000 la hatramin'ny 100.000 la isan'andro manomboka amin'ny fotoam-panamelohana ka hatramin'ny andro izay hahazoan'ny sampan-draharahan'ny hetra manao ara-dalana indray ny asam-pamantarana ataony.»

SOKAJY II

TSIAMBARATELON'NY ASA

Andininy 20.06.09.-

Amin'io andininy io , ovàna ny teny « audit »ho vondron-teny « au dit »

Andininy 20.06.10.-

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io :

« Ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra, ny Tale Jeneraly ny Hetra, ny Tale ny Hetra, ny lehiben'ny sampandraharaha na ny foiben-ketra, kanefa dia tsy azon'izy ireo atao, na iza na iza ny mamindra ny fahefany handinika ny antontan-taratasy voatahiry any amin'ny foiben-ketra sy ny sampandraharahan'ny Fizaran-draharaha. Ny antontan-taratasy dia tsy azon'ny « inspecteurs » alefa any amin'ny manam-pahefana ambony raha tsy amin'ny alalan'ny baiko antoratra. »

SOKAJY III

ANDRAIKITRY NY OLONTSOTRA NA FIKAMBANANA

MANDROTSAKA NY VOLA VOAN'NY HETRA

Andininy 20.06.12.-

Amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io dia soloina ny vondron-teny « 1^{er} mars » ho « 1^{er} mai ».

Andininy 20.06.13.-

Ao amin'io andininy io, ovàna ny « 20-06-11 » ho « 20-06-12 ».

Andininy 20.06.14.-

Ao amin'io andininy io, ovàna ny vondron-teny « 5 hatramin'ny 25 isan-jato » ho « 1 hatramin'ny 5 isan-jato » .

SOKAJY IV

ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVA-BAVENTY

MPIVAROTRA SY MPANAO ASA TANANA

Andininy 20.06.15.-

Ao amin'ny andalana faharoa amin'io andininy io dia soloina ny vondron-teny « alohan'ny 1^{er} mars » ho « alohan'ny 1^{er} mai ».

Andininy 20.06.16.-

Ao amin'io andininy io dia soloina ny vondron-teny « 5 hatramin'ny 25 isan-jato » ho « 1 hatramin'ny 5 isan-jato » .

Andininy 20.06.17.-

Ao amin'ny andalana voalohany amin'io andininy io soloina ny vondron-teny « 1^{er} mars » ho « 1^{er} mai » .

Andininy 20.06.18.-

Amin'ny faran'ny andalana faharoa amin'io andininy io, dia soloina ny vondron-teny « lehiben'ny fisavana » ho « lehiben'ny foiben-ketra ».

SOKAJY VII

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny lohatenin'ny sokajy VII :

« FANAMARINANA ENY AN-TOERANA»

Andininy 20.06.23.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ny fanamarinana eny an-toerana ny taratasy, ny boky sy ny antontan-taratasy dia tsy azo hitarina mihoatra ny iray volana isaky ny taona nanaovana ny fanamarinana.

Io fe-potoana io dia manomboka amin'ny fotoana nandefasana ny antontan-taratasy notakiana ka apetraka eo ampelatanan'ny mpanamarina.

Na inona na inona, ny fandefasana ny antontan-taratasy notakiana dia tsy maintsy tanterahana ao anatin'ny fe-potoana roa ambinifolo andro raha be indrindra, raha tsy izany dia hiharan'ny fameran-ketra tsy misy fierana voalazan'ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka ao amin'ny fehezan-dalàna.

Kanefa, ny fahataperan'ny fe-potoana iray volana isan-taonan'ny fanamarinana dia tsy azo ampiharina amin'ny fanjakana amin'ny fanadihadiana ny fanamarihana na fangatahana ataon'ny mpandoa hetra aorian'ny fahavitan'ny raharaham-panamarinana. »

Andininy 20.06.24.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Ny valin'ny fanamarinana dia ampahafantarina ny mpandoa hetra na tsy nisy aza ny fanitsiana.

Raha nisy fanitsiana novinavinaina, ny mpanamarina dia mandefa any amin'ny mpandoa hetra ny fampahafantarana ny zavatra hamerenana ny hetra hahafahan'io farany io manao fanamarihana na mampahafantatra ny faneken'ny ao anatin'ny telopolo andro katroka manomboka eo amin'ny fotoana nandraisana ny fampahafantarana.

Ny soso-kevitra rehetra fampakarana dia toy ny tsy nisy raha toa ka tsy milaza malalaka ny fahafahan'ny mpandoa hetra hatrehan'ny mpanolo-tsaina nofinidiny mba hiady hevitra an'io soso-kevitra io na hamaly izany. »

Andininy 20.06.25.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Raha tsy misy valiny ao anatin'ny fe-potoana voafetra dia kaontina ny hetra amin'ny fototra feran'ny fanjakana.

Amin'izay dia anjaran'ny mpandoa hetra ny mitondra porofo.

Raha toa ka mbola mitohy ny tsy fifanarahana amin'ny fanitsiana naroso ; ny fikaontina ny hetra dia atao araka ny fomba narahina etsy ambony; nefa ny fanjakana dia tsy maintsy nampahafantatra mialoha amin'ny mpandoa hetra ny zavatra notazonina ho toy ny fototra amerana ny hetra sady milaza ny antony nandavana ny fanamarihana nataon'ity farany. Ny fampahafantarana dia hahitana ny fanadihadiana fomba fitoriana misokatra ho an'ny mpandoa hetra.

Amin'izay dia anjaran'ny fanjakana no mitondra ny porofo.

Amin'ireo rehetra ireo, ny taratasy sy ny antontan-taratasy izay tsy maintsy ilaina sy ireo notakian'ny fanjakana kanefa tsy nomena tao anatin'ny fe-potoana tokony nanaovana izany dia tsy azon'ny fanjakana raisina ho porofo ny fototra fitazonan-ketra mihaompapana na hahitsy avy hatrany. »

Andininy 20.06.26.-

Ovàna toy izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Rehefa vita ny fanamarinana eny an-toerana ny fitanan-kaonty ny hetra mandritra ny fotoana voafetra, ny fanjakana dia tsy afaka manao fanamarinana vaovao intsony ny soratra tao amin'ny fitanan-kaonty amin'ireo hetra na haba ireo ihany ary mandritra io fotoana io.

Kanefa tsy harahina io fepetra io raha toa ka ny fanamarinana eny an-toerana dia voafetra amin'ny raharaha efa voafaritry sy fihetsika miendrika hosoka. »

Andininy 20.06.28.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijanteny amin'io andininy io :

« Kanefa araka ny fepetra ny andininy 20.06.27, ny fanjakana dia mitana ny zo hiverenany hijery ireo hetra izay efa nohamarinina sy ny fehin-kevitra teo aloha tamin'ny fanamarinana efa vita izay azo ovana ao anatin'ny fe-potoana amerenana amin'ny laoniny raha toa ka ny fanovana naroso tsy avy amin'ny zavatra efa hita tamin'ny fikarohana vaovao tao amin'ny soratra na antontan-taratasin'ny kaonty.

Kanefa, tsy misy fisondrotana azo arahina amin'ny fototry ny fiovan'ny foto-kevitra raha toa ka ny fehin-kevitra teo aloha dia mitombona araka ny lalànan'ny hetra izay neken'ny fanjakana tanteraka tamin'ny fotoanandrony.”

Foronina ny sokajy VIII mirija toy izao manaraka izao :

« SOKAJY VIII

FOIBEM-PITANTANANA

Andininy 20.08.01.-

Ny asan'ny foibem-pitantanana dia manampy ara-pitantanana ireo mpanao taozava-baventy, mpivarotra, mpanao asatanana, mpamboly ; ary mampandroso ny fampiasana ny fitanan-kaonty sy manamora ny fanatontosana ny andraikitra ara-panjakana sy mikasika ny hetra ny mpikambana mpiasa tena sy ny tompon'ny vesatra sy ny andraikitra, mety ankatoavina araka ny fepetra voafaritra ny lalàna .

Andininy 20.08.02.-

Ny foibe dia niforona avy amin'ny famosahan-kevitra ny mahay momban'ny kaontin'ny sosaety misoratra ao amin'ny Holafitry ny mahay momba ny kaonty sy ny vola eto Madagasikara (O.E.C.F.M), na ny fivoriana momba ny varotra sy tao-zava-baventy, ny fivorian'ny mpanao tao-zavatra na ny fivorian'ny mpamboly, na ny holafitra na ny fikambanana ara-kasa mijoro ara-dalàna.

Andininy 20.08.03.-

Ny fitanan-kaontin'ny mpikambana ao amin'ny foibem-pitantanana dia tsy maintsy tanana, angonina na araha-mason'ny mpahay kaonty na ny sosaety mpikambana ao amin'ny holafitra, izay manisy sonia fanamarinana ny antontan-taratasy ara-ketra raha azo antoka ny fanarahana ny lalàna sy rehefa avy nanontany ny fampahafantarana ilaina mba hahafahana mampifanaraka ny vokatra ara-ketra sy ny fitanan-kaonty.

Ny mpahay kaonty, ny sosaety mpikambana ao amin'ny holafitra sy ny mpahay kaonty mpiana-draharaha nahazo alalana eo ambany fiantohany, hanatanteraka ny iraka anaraha-maso ny antontan-taratasy tsirairay ary manome ny fanamarinana izay voalaza ao amin'ny andininy etsy ambony.

Izy ireo dia tsy afaka mandà ny hanatanteraka an'io fepetra io raha toa ka ny fanamarihan-dry zareo tsy nisy vokany alohan'ny famaranana ny kaontin'ny taom-piasana. Amin'izay, ny fandraharahana ara-ketra dia manombana araka ny fanamarihana nasehon'ny mpandoa hetra raha toa ka azo na tsy azo atao ny manome tombontsoa ara-ketra voalazan'ny lalàna .

Andininy 20.08.04.-

Ny foibe irery ihany no mahazo manao, ho an'ireo mpikambany izay fehezina ny fomba famerana ny hetra tena izy, ny filazana natokana ho an'ny fandraharahana ara-ketra ; ny mpiasan'ny hetra iray dia manampy ara-teknika ny foibem-pitantanana nankatoavina, araka ny fepetra voalazan'ny fifanarahana nisy teo amin'ny foibe sy ny fandraharahana ara-ketra.

Andininy 20.08.05.-

Ny mpikambana ao amin'ny foibem-pitantanana nankatoavina dia tsy maintsy manaiky ny fandoavam-bola amin'ny alalan'ny seky, ary mampanoratra ny seky ho amin'ny anarany ary tsy miandraikitra an'ireo afa-tsy amin'ny fandrotsahana mivantana ny vola. Izy ireo dia tsy maintsy mampahafantatra ireo mpandrotsa-bola ao aminy. Ny fepetra fampiharana an'ity andininy ity dia voafaritra ny lalàna.

Andininy 20.08.06.-

Ny Tale paritany ny hetra na ny solotenany dia manatrika, amin'ny maha fakan-kevitra azy an'ireo fanapahan-kevitra ny mpitantana ny foibem-pitantanana nankatoavina raha toa izy ireo ka mikasika ny tetibola sy ny fepetra fampandehanana azy ireo.

Andininy 20.08.07.-

Ny fanavaozana ny fankatoavana ny foibem-pitantanana dia atao isaky ny telo taona.

Andininy 20.08.08.-

Rehefa avy nampahafantarina ireo voakasika ny fahadisoana tsapa tamin'ny fanatanterahana ny iraka izay voafaritra araka ny lalàna, ary hahafan'izy ireo manome fanamarihana, ny Tale paritanin'ny hetra dia afaka mampifanaraka ny fitazomana na fanavaozana ny fankatoavana ny foibe hatrany amin'ny fanovàna ny mpitantana.”

**Ovana toy izao manaraka izao ny tabilaon'ny sara alaina
amin'ny vokatra(DA) :**

T O V A N A

TABILAON'NY SARA ALAINA AMIN'NY VOKATRA

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	DA
18.06	Chocolat et autres préparations alimentaires contenant de cacao.	20
	-Autres, présentés en tablettes, barres ou bâtons :	20
31 00	-Fourrés	20
32 00	-Non fourrés	
90 00	-Autres	
19.02	Pâtes alimentaires, même cuites ou farcies (de viandes ou d'autres substances) ou bien autrement préparées telles que spaghetti, macaroni, nouilles, lasagnes, gnocchi, ravioli, cannelloni, couscous, même préparé.	20
	Pâtes alimentaires non cuites ni farcies ni autrement préparées :	20
	-Pâtes alimentaires farcies (mêmes cuites ou autrement préparées)	20
20 00	
30 00	-Autres pâtes alimentaires	
40 00	-Couscous	
20 08	Fruits et autres parties comestibles de plantes, autrement préparées ou conservés, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants ou d'alcool, non dénommés ni compris ailleurs.	
20	- Fruits à coques, arachides et autres graines même mélangés entre eux :	
10	- Ananas	20
30	---avec addition d'alcool	
10	-Agrumes :	
40	---avec addition d'alcool	20
10	-Poires :	
50	---avec addition d'alcool	20
10	-Abricots	
60	---avec addition d'alcool	20
10	-Cerises :	
70	---avec addition d'alcool	20
10	-Pêches :	
80	---Avec addition d'alcool	20
10	-Fraises	
	---Avec addition d'alcool.....	
	-Autres, y compris les mélanges à l'exception de ceux du N° 2008.19 :	
91	-Cœurs de palmiers :	
10	---Avec addition d'alcool	20
92	-Mélanges	
10	---Avec addition d'alcool	20
99	-Autres	
10	---Avec addition d'alcool	20
21 06	- Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs.	
90	-Autres :	
10	---Vanilline présentée sous forme de comprimés et en petites doses	180
22 01	
	Eaux, y compris les eaux minérales naturelles ou artificielles et les eaux gazéifiées, non additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ni aromatisés; glace et neige	
10		

	20	-Eaux minérales et eaux gazéifiées : --Eaux minérales naturelles, eaux minérales artificielles, eaux gazeuses non aromatisées ni sucrées	5
22 02		Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées, et autres boissons non alcooliques, à l'exclusion des jus de fruits ou de légumes du n°20.09	
	10	-Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées	20
	00	- Autres	20
	90	Bières de malt	
	00	--D'un titre alcoolique de 4° ou moins	30
22 03	00	--D'un titre alcoolique de plus de 4°	30
	10		
	90	Vins de raisins frais, y compris les vins enrichis en alcool; moûts de raisins autres que ceux du n°20.09.	
22 04		-Vins mousseux :	
	10	--De champagne	150
	00	--Autres	150
	90	-Autres vins; moûts de raisins dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :	
	21	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	30
	00	--Autres	
	29	--Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :	30
	11	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	30
	19	--Autres	
	21	--Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais:	135
	29	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	135
	31	--Autres	30
	39	--Vins vinés :	30
	90	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	30
	30	--Autres	30
	00	--Autres	
	00	-Autres moûts de raisin	
22 05		Vermouths et autres vins de raisins frais préparés à l'aide de plantes ou de substances aromatiques.	
	10	-En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l	
	10	--Vermouths	135
	90	--Autres	135
	90	-Autres :	
	10	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	135
	90	--Autres	135
22 06	00	Autres boissons fermentées (cidre,poiré,hydromel,par exemple); mélanges de boissons fermentées et mélanges de boissons fermentées et de boissons non alcooliques, non dénommées ni compris ailleurs.	
	11	--Cidre, poiré et hydromel présentés :	30
	19	--En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	30
	90	--Autres	30
		--Autres boissons fermentées(betsabetsa, jus fermenté de cocotier,etc)	
22 07		Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres.	
	10	-Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus	180
	00	-Alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres	180

00	20		
22 08		Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de moins de 80p.100 vol; eaux-de-vie, liqueurs et autres boissons spiritueuses.	
	20	-Eaux-de-vie de vin ou de marc de raisin :	
	10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	135
	90	---Autres	135
22 08 (suite)			
	30	-Whiskies :	
	10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	180
	90	---Autres	180
	40	-Rhum et tafia :	
	10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	135
	90	---Autres	135
	50	-Gin et genièvre :	
	10	---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l	135
	90	---Autres	135
	60	-Vodka	135
00		-Liqueurs	135
00	70	-Autres :	
		---Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) :	
	90	---moins de 15°	135
		---15° et plus	135
	11	---Autres	135
	12	Cigares(y compris ceux à bouts coupés),cigarillos et cigarettes, en tabac ou	
	90	en succédanés de tabac	
24 02		-Cigares(y compris ceux à bouts coupés),et cigarillos, contenant du tabac :	70
		70
	10	-Cigarettes contenant du tabac :	70
00		-Autres	
00	20	Autres tabacs et succédanés de tabac, fabriqués; tabacs "homogénéisés" ou "reconstitués"; extraits et sauces de tabac.	70
00	90	-Tabac à fumer, même contenant des succédanés de tabac en toute proportion :	70
24 03		-Autres :	
		--Tabacs "homogénéisés" ou "reconstitués"...	20
	10	--Autres :	70
00		---Tabac à mâcher :	
		---Carottes, poudre à priser (poudre pure):	10
00	91		10
00		Huiles de graissage et lubrifiants	
	99	Autres	
	10		
	20		
27 10			
	19 33		
	19 39		
29 12		Aldéhydes, même contenant d'autres fonctions oxygénées ; polymères cycliques des aldéhydes paraformaldéhyde.	
		-Aldéhydes acycliques ne contenant pas d'autres fonctions oxygénées :	
		-Aldéhydes-éthers, aldéhydes-phénols et aldéhydes contenant d'autres fonctions oxygénées:	
	41	--Vanilline (aldéhyde méthylprotocatéchine).	120
00			
33 03		Parfums et eaux de toilettes	
	00	---Liquides :	
		----Non alcooliques	20
	11		100

	12	—Alcooliques	20
	20	—Concrets	
33 04		Produits de beauté ou de maquillage préparés et préparations pour l'entretien ou les soins de la peau autres que les médicaments, y compris les préparations anti-solaires et les	20
	10	préparations pour bronzer, préparations pour manucures ou pédicures.	20
00		-Produits de maquillage pour lèvres	20
	20	-Produits de maquillage pour les yeux	
00		-Préparations pour manucures ou pédicures ..	20
	30	-Autres :	20
00		—Poudres, y compris les poudres compactes .	
		—Autres	
	91		
00			
	99		
00			
33 05		Préparations capillaires.	
	10	-Shampoings	20
00		-Préparations pour l'ondulation ou le défrisage permanents	20
	20	-Laques pour cheveux	20
00		-Autres	20
	30		
00			
	90		
00			
33 07		Préparations pour le prérasage, le rasage ou l'après rasage, désodorisants corporels, préparations pour bains, dépilatoires, autres produits de parfumerie ou de toilette préparés et autres préparations cosmétiques, non dénommés ni compris ailleurs ; désodorisants de locaux, préparés, même non parfumés, ayant ou non des propriétés désinfectantes.	20
	10 00		20
	20 00	-Préparation pour prérasage, le rasage ou l'après rasage	20
	30 00	-Désodorisants corporels et antisudoraux ...	20
		-Sels parfumés et autres préparations pour bains	
		-Préparations pour parfumer ou pour désodoriser les locaux, y compris les préparations odoriférantes pour cérémonies religieuses :	20
	41 00		20
	49 00	—"Agarbatti" et autres préparations odoriférantes agissant par combustion	20
	90 00	20
40 11		—Autres	
	10 00	—Autres	
		Pneumatiques neufs en caoutchouc	
		-Des types utilisés pour les voitures de	10
	20 00	tourisme (y compris les voitures du type	10
	30 00	« break » et les voitures de course)	10
	40 00	-Des types utilisés pour autobus ou camions	10
	50 00	-Des types utilisés pour avions.....	10
		-Des types utilisés pour motocycles.....	
	91 00	-Des types utilisés pour bicyclettes.....	10
	99 00	-Autres :	10
		—A crampons, à chevrons ou similaires.....	
		—Autres	
40 12		Pneumatiques réchappés ou usagée en caoutchouc, bandages, bandes de roulement amovibles pour pneumatiques et « flaps » en caoutchouc.	
		-Pneumatiques réchappés :	
	11	—Des types utilisée pour les voitures de tourisme (y compris les voitures du type « break » et voitures de les course)..	10
00		—Des types utilisés pour autobus ou camions...	10
	12	—Des types utilisés pour avions.....	10

00		--Des types utilisés pour motocycles.....	10
	13	--Des types utilisés pour bicyclettes.....	10
00		--Autres.....	10
	40	-Pneumatiques usagés :	
	50	--Des types utilisés pour les voitures de tourisme (y compris les voitures du	
	90	type « break » et les voitures de course) ..	10
	20	--Des types utilisés pour autobus ou camions...	10
10		--Des types utilisés pour avions.....	10
		--Des types utilisés pour motocycles.....	10
20		--Des types utilisés pour bicyclettes.....	10
30			
40			
50			
90		-Autres :	
10		--Bandages pleins ou creux (mi-pleins)	
21		--« Flaps » et « boyaux » d'un poids unitaire présentés isolement de :	10
22		--Plus de 70 Kg.....	10
23		--15 kilogrammes exclus à 70 kg inclus.....	10
29		--2 kilogrammes à 15 kg inclus.....	10
90		--Autres.....	10
63 09	00	-Articles de friperie	3000
00			F/Kg
			net
71 01		Perles fines ou de culture, même travaillées ou assorties mais non enfilées, ni	
		montées, ni serties ; perles fines ou de culture, enfilées temporairement pour	
		la facilité du transport.	75
	10	-Perles fines	
00		-Perles de culture :	25
		--Brutes	75
	21	--Travaillées	
00			
	22		
00			
71 02		Diamants, même travaillés, mais non montés ni sertis.	
	10	-Non triés	75
00		-Industriels :	
		--Bruts ou simplement sciés, clivés ou débrutés	25
	21		
00			
71 02 (suite)	29	--Autres	25
00		-Non industriels :	
		--Bruts ou simplement sciés, clivés ou débrutés	25
	31	--Autres	25
00			
	39		
00			
71 03		Pierres gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, même	
		travaillées ou assorties mais non enfilées, ni montées, ni serties ; pierres	
		gemmes (précieuses ou fines) autres que les diamants, non assorties, enfilées	
		temporairement pour la facilité du transport.	
	10	-Brutes ou simplement sciées ou dégrossies :	
	10	--Rubis	25
	20	--Saphirs	25
	30	--Émeraudes	25
	90	--Autres	25
		-Autrement travaillées :	
91		--Rubis, saphirs et émeraudes :	
	10	--Rubis	75

	20	—Saphirs.....	75
	30	—Emeraudes	75
99		—Autres :	
	20	—Cristal de roche limpide pour la taille, cristal de roche rose ou coloré, amazonites et pierres et pierres d'ornement analogues .	25
	30	
	40	—Cristal de roche pour la fonte, cristal gris ou opaque ou enfumé, calcédoine et analogues (agates, zircons)	25
		—Grenats de pivoterie	25
		—Autres :	
	91	—Pour usages industriels :	25
	92	—Articles en quartz piézo-électrique ...	25
99		—Autres	75
		—Autres	
71 06		Argent (y compris l'argent doré ou vermeil et l'argent platiné), sous forme brutes ou mi-ouvrée en poudre.	
	10	-Poudres.....	25
00		-Autres	
		-Sous formes brutes	25
00	91	-Sous forme mi-ouvrées.....	25
00			
00	92	Or (y compris l'or platiné) sous formes brutes ou mi-ouvrées, en poudre.	
		-A usage non monétaires :	
		-Poudres	25
71 08		-Sous autres formes brutes.....	25
		-Sous autres formes mi-ouvrées.....	25
00	11	-A usage monétaire.....	25
00			
00	12		
00			
00	13		
00			
00	20		
71 10		Platine, sous formes brutes ou mi-ouvrées, ou en poudre :	
		
	11	-Platine :	25
00		-Sous formes brutes ou en poudre.....	25
	19	-Autres.....	
00		Déchets et débris de métaux précieux ou de plaqué ou double de métaux précieux ;autres déchets et débris contenant des	
71 12		métaux précieux ou des composés de métaux précieux du type de ceux utilisés principalement pour la récupération des métaux précieux.	75
		-Cendres contenant des métaux précieux ou des composés de métaux précieux, à l'exclusion des cendres d'orfèvre . . .	
00	30	-D'or, même de plaqué ou double d'or, à l'exclusion des cendres d'orfèvre contenant d'autres contenant d'autres métaux précieux.....	75
00	91	-De platine, même de plaqué ou double de platine, à l'exclusion des cendres d'orfèvre contenant d'autres métaux précieux ...	75
			75
	92	-Autres	
00			
00	90		
71 13		Articles de bijouterie ou de joaillerie et leurs parties, en métaux précieux ou en plaqués ou doublés de métaux précieux.	
		-En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux :	
00	11	-En argent, même revêtus, plaqués ou doublés d'autres métaux précieux	75

	19	75
10		--En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux	75
20		précieux :	
71 14		--En or	
		--En platine	
	11	Articles d'orfèvrerie et leurs parties, en métaux précieux ou en plaqués ou	75
		doublés de métaux précieux.	
00	19	-En métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux précieux	75
		:	
	10	--En argent, même revêtu, plaqué ou doublé d'autres métaux précieux	75
	20	
71 15		--En autres métaux précieux, même revêtus, plaqués ou doublés de métaux	75
		précieux :	
	10	--En or	75
00		--En platine	75
	90		75
10		Autres ouvrages en métaux précieux ou en plaqués ou doublés de métaux	75
20		précieux.	
30		- Catalyseurs sous forme de toiles ou de treillis en platine	
90		-Autres :	
		--En or	
		--En platine.....	
		--En argent vermeil	
		--En plaqués ou doublés de métaux précieux .	

LOHATENY Voalohany Bis

Lisitry ireo vokatra afahana amin'ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) sy ny haba alaina amin'ny fanjifana (TST)

Loi N°99.032 du 03/02/00 portant Loi de Finances pour 2000

JORM N° 2626 du 09/02/00

**SANDA
NOMERAO**

FILAZANA NY VOKATRA

I. MEDICAMENTS

29.36 Provitamines et vitamines, naturelles ou reproduites par synthèse (y compris les concentrats naturels), ainsi que leurs dérivés utilisés principalement en tant que vitamines, mélangés ou non entre eux, même en solutions quelconques.

29.37 Hormones, naturelles ou reproduites par synthèse ; leurs dérivés utilisés principalement comme hormones; autres stéroïdes utilisés principalement comme hormones.

30.01 Glandes et autres organes à usages opothérapiques, à l'état desséché, même pulvérisés ; extraits, à usages opothérapiques, de glandes ou d'autres organes ou de leurs sécrétions; héparine et ses sels autres substances humaines ou animales préparées à des fins thérapeutiques ou prophylactiques non dénommées ni comprises ailleurs.

30.02 Sang humain ; sang animal préparé en vue d'usages thérapeutiques, prophylactiques ou de diagnostic ; antiserums, autres fractions du sang, produits immunologiques modifiés, même obtenus par voie biotechnologique ; vaccins, toxines, cultures de micro organismes (à l'exclusion des levures) et produits similaires .

30.03 Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés entre eux, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, mais ni présentés sous forme de doses, ni conditionnés pour la vente au détail.

30.04 Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés ou non mélangés, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, présentés sous forme de doses ou conditionnés pour la vente au détail

II. ARTICLES PHARMACEUTIQUES

30.05 Ouates, gazes, bandes et articles analogues (pansements, sparadraps, sinapismes, par exemple), imprégnés ou recouverts de substances pharmaceutiques ou conditionnés pour la vente au détail à des fins médicales, chirurgicales, dentaires ou vétérinaires.

30.06 Préparations et articles pharmaceutiques visés par la Note 4 du Chapitre.

33 06 Préparations pour l'hygiène buccale ou dentaire, compris les poudres et crèmes pour faciliter l'adhérence des dentiers ; fils utilisés pour nettoyer les espaces interdentaires (fils dentaires), emballés pour la vente aux particuliers.

40 14 Articles d'hygiène ou de pharmacie (y compris les tétines), en caoutchouc vulcanisé non durci, même avec parties en caoutchouc durci.

40 15 Vêtements et accessoires du vêtement (y compris les gants) en caoutchouc vulcanisé non durci, pour tous usages.

-Gants :

11 00 -Pour chirurgie

III. MATERIELS A USAGE MEDICAL

37 01 Plaques et films plans, photographiques, sensibilisés non impressionnés, en autres matières que le papier, le carton ou les textiles, films photographiques plans à développement et tirage instantanés sensibilisés, non impressionnés, même en chargeurs.

10 L 00 -Pour rayons X

37 02 Pellicules photographiques sensibilisées, non impressionnées, en rouleaux, en autres matières que papier, le carton ou les textiles; pellicules photographiques à développement et tirage instantanés, en, rouleaux, sensibilisées, non impressionnées.

10 00 -Pour rayons X

84 19 Appareils et dispositifs, même chauffés électriquement, pour le traitement de matières par des opérations impliquant un changement de température telles que le chauffage, la cuisson, la torréfaction, la distillation, la rectification, la stérilisation, la pasteurisation, l'étuvage, le séchage l'évaporation, la vaporisation, la condensation ou le refroidissement autres que les appareils domestiques; chauffe-eau non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation.

-Chauffe-eau, non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation.

20 00 -Stérilisateurs médicochirurgicaux ou de laboratoires

87 12 00 Bicyclettes et autres cycles (y compris les triporteurs), sans moteur.

10 -Bicyclettes pour infirmes

87 13 Fauteuils roulants et autres véhicules pour invalides, même avec moteur ou autre mécanisme de propulsion.

10 00 -Sans mécanisme de propulsion

90 18 Instruments et appareils pour la médecine, la chirurgie, l'art dentaire ou l'art vétérinaire, y compris les appareils de scintigraphie et autres appareils électromédicaux ainsi que les appareils pour tests visuels.

